# Fitantanana foto-drafitrasa
## Nampiakatra ny vidin-drano ny TVA: 20% 5


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 14 marsa 2019 Laharana 886 Vidiny : 400 Ar


**Ninie Donia** 3
## Kandidan'ny TIM any Nosy-Be


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**TGV/MAPAR/IRD sy ny TIM/Tsy Miankina** 4
# Hifampitana amin'ny fifidianana depiote



**Fitaterana** 5
# Nitokona ny mpitondra kamiao



**BORIBORITANY FAHA3** 2
## I Feno sy i Bodo no kandidà depioten'ny antoko TIM



**Fanjifana** 7
## Miakatra ny vidim-bary eny an-tsena

**Distrikan'Ifanadiana** 2
## Faly Be no kandidàn' ny antoko TIM

**Delege Jacques** 3
## Hirotsaka depiote ao amin' ny Boriboritany voalohany

**Daka kely**
Ny maorisiana izany homena tany fa ny gasy ahilika ry Boaikely a !

**Kohen Rivolala** 2
## Nirotsaka depiote ao Antsirabe II



BORIBORITANY FAHA3

# I Feno sy i Bodo no kandidà depioten'ny antoko TIM



Tafapetraka ny talata misandratr'andro teo ny taratasy firotsahan-kofidian'ny kandidà depiote ao amin' ny boriboritany faha 3, izay narotsaky ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tarihin'ny lohalisitra, Feno Ralambomana sy ny laharana faharoa, Bodoarisoa Razafindrazaka na i Bodo ary ny mpisolo toerana roa : Rabenjason Minosoa Andriambelo sy Richard Ravelomanantsoa, tao amin'ny OVEC Boriboritany faha3 ao Tsaralalana. Nanotrona azy ireo tamin'izany ireo mpikambana ao amin'ny DISTIM sy ny FOKTIM ao amin' ity boriboritany ity, izay naneho hatrany ny firaisankina sy fahavonona-na hanohana, ka ny tan- jona dia ho toerana roa no ho azon'ny antoko TIM.K25 ao amin' ny Boriboritany faha3. Ny harivan'io ihany dia nisy ny fihaonana teo amin'ny kandida depiote tarihin'i Feno Ralambomanana sy ireo mpiray lisitra taminy ary ireo biraon'ny DISTIM tarihin' ny filohany Pascal Andriambelomanana ary ireo FOKTIM manerana ny fokontany 34 manerana ny Boriboritany faha 3, tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM, tao Bel'air Ampandrana. Ny fandaharampotoana tamin' izany dia ny fampahafantarana ireo mpikatroka ireo kandidà depi-ote hitondra ny fanevany, ka tapaka nandritra izany, fa hampitoviana ny tadin-dokanga, avela any ny disadisa madinidinika, satria tokana ny tanjona dia ny hibata ny fandresena amin'ny fifidianana depiote ny 27 mey ho avy izao .

***Helisoa***

Distrikan'Ifanadiana

# Faly Be no kandidàn'ny antoko TIM

Andriamampionona Falindrainy Sylvain, izay fantatry ny maro amin'ny anarana fohy hoe Faly Be no kandida ho Solomavambahoaka natolotry ny antoko TIM, na ny antoko Tiako i Madagasikara, ho an'ny any amin' ny Distrik'Ifanadiana, faritra Vatovavy Fitovinany. Mpanolotra fotsiny ny antoko TIM araka ny vaovao voaray, fa izy dia olona tsy manavaka fa misokatra amin'ny rehetra, indrindra izay rehetra vonona sy hanohana azy amin'izany adidy masina izany, dia ny fampandrosoana ny Distrika. Nambara i Faly Be hoe: ampahafantaro ny manodidina antsika tsirairay avy any amin'iny distrikan'Ifanadiana iny izany. Manatona azy na koa ny mpiandraikitra TIM anivon'ny Distrika ho an'ny rehetra, izay vonona rehetra ny hanohana fa midanadana ny varavarana, na izay antoko, na fikambanana, na olon-tsotra. Tokana ny tanjona dia ny hampandroso ny Distrikan'Ifanadiana. Miisa 3 ireo mpifaninana aminy amin'izany hazakazaka ho eny Tsimbazaza izany.

***Isambilo***



*Faly Be, kandidàn'ny antoko TIM any Ifanadiana.*

Kohen Rivolala

# Nirotsaka solombavambahoaka ao Antsirabe II

Mitsitaitaika ny firotsahan'ny olona ho kandida solombavambahoaka ankehetriny. Voaporofo fa tena natao ho an'ny mpanam-bola ny fitantanan-draharaham-panjakana ankehitriny, fa tsy hisy hihevitra ny hitondra ny tenin'ny vahoaka izany. Raha ho an'ny Distrikan'Antsirabe faharoa dia valo hatreto no nametraka ny taratasy ho firotsahan-kofidiana ary ny 5 tamin'ireo no efa nahafeno tanteraka ny taratasiny. Isan'ny nametraka ny azy nangingina voalohany ny Depiote teo aloha Ramatoa Ravelohanitra Nirina, izay tsy re tsaika ny nametrahany ny antontan-taratasiny fa natao nangingina izany. Taorian'izay dia ny Depiote TIM teo aloha, Randrianantenaina José no nametraka ny azy, narahin'ny olon'i Andry Rajoelina, dia ny tompon' ny klioba Elgeco Plus izany, tamin'ny alalan' Andriamatoa Randriampanampisoa Alfred, notronin'ireo Ben'ny Tanàna TIM ny ankamaroany tamin'ny fametrahany ny antontan-taratasiny. Taorian'ireo dia ingahy Kohen Rivolala no nametraka ny antontan-taratasiny tamin'ny alalan'ilay fikambanana "Tic Tac Do" tarihiny. Ny andron'ny talata 12 martsa dia mbola nisy ireo nametraka antontan-taratasy, ka isan' izany ingahy Tovo Tsaradisa sy olona tsy miankina niisa 3, izay mbola vao hokarohina ny mombamomba azy ireo. Araka izany dia zara raha nisy ny antsasaky ny kandida tamin'ny taona 2013 no nahavita nandoa ilay 5 tapitrisa Ariary anto-bola any amin'ny fanjakana, izay ilazana fa toa ho raharahan'ny mpanam-bola no hitantanana ity firenena ity, izay azo antoka tokoa fa ho sehatry ny fanaovana "Bizina" ny lapan'i Tsimbazaza aorian'ny faha 27 ny volana mey ho avy io, satria dia hahazo lapa ny mpanam-bola, izay hikendry ny fampandrosoana ny ambain-dahin' ny fihariany mazava ho azy, fa tsy hisy ho fitsinjovana ny madinika izany.



*Kohen Rivolala, kandidà depiote avy amin'ny fikambanana Tic Tac Do.*

***Solohery***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Tsy ny fianteherana amin'ny vahiny velively no hanatsara ny fiainam-bahoaka

Miha- mahazo vahana miandalana, na dia atao ambany maso tsy hita aza, ny fanaovana ampihimamba amina sehatra na lalam-barotra iray na entana iray tato ho ato. Ireo vahiny no tena tsikaritra mifehy izany ary tsy izy rehetra akory fa sasantsasany amin'izy ireo ihany. Anisan'izany ny teratany frantsay sy karana, eny misy koa aza araka ny re, teratany italiana, saingy iretsy roa voalohany no tanisain'ny maro. Nahoana izy ireo no avela hahazo vahana toy izany hanao ampihimamba? Ary tsy mihevitra ny handamina izany toe-javatra izany hatreto ny fitondrana raha araka ny re amin'ny programan'asany sy ny fihetsiny. Izany hoe mbola hanjakazaka eo amin'ireo sehatra bahanany ireo izany izy ireo. Ny manahirana ny saina anefa dia ny toy izany no nanenjehana ny filoha teo aloha Ravalomanana Marc tamin'ny fotoan'androny, ary tena novoizina mafy mihitsy izany hiditra any an-tsain' ireo olona na dia ny marobe amin'izy ireo aza tsy misy idirany amin'izany akory. Ny mbola olana ihany koa raha mahita izao toe-javatra izao, dia tsy tokony hohadinoina fa misy olombitsy amin'izy ireo no mifehy ny toe-karena Malagasy ka voafehiny hatrany amin'ny politikampanjakana. Efa nisy teto izany ary mbola mety hitohy raha ny famelana malalaka ireo vahiny mpanambola hatreto hamaritra izay tany sy ny seha-pihariana ataony eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Sarotra ny hino ny hahatsara ny fiainan'ny sarambabem-bahoaka raha tsy misy ny fiovam-penitra lehibe eto amin'ny firenena ho amin'ny fitsinjovana ny mpandraharaha Malagasy. Tsy ny vahiny no tokony ianteherana amin' ny fampandrosoana sy fanatsarana ny fiainambahoaka, fa raha izany dia mizotra hatrany ho amin'ny famatorana ny vahoaka sy ny firenena izany. Efa hita mantsy izany nandritra ny taona maro izay ary efa fantatra ny toe-tsain'izy ireo.

***Sôh'son***

Kandida voailiky ny antoko pôlitika

# Nandeha amin'ny anaran'ny tenany manokana

Maro ireo kandida voailiky ny antoko toy ny Tim, ny Tgv Mapar sns... no nirotsaka amin'ny anaran'ny tenany manokana nandritry ny fandrotsahana ny antontan-taratasy firotsahan-ko fidiana solombavambahoakan'i Madagasikara, izay nifarana afak'omaly. Distrika maro no nahitana izay tsy fitovian-kevitra teo amin'ny antoko sy ny kandidà sasany, izay nailiky ny fototra, izay no antony nahatonga azy ireo nirotsaka amin'ny anaran'ny tenany manokana. Rehefa nanontanian'ny mpanao gazety anefa izy ireo dia milaza fa miara-dia amin'ilay antoko, na ny mpitarika antoko ihany fa ny hevitra fotsiny no tsy mitovy. Ho betsaka arak' izany no ho voa amin'ny isam-bato satria hisaraka ny vato tokony ho azon'ny kandida iray. Ny kandida amin'ny anaran'ny tenany manokana no maro an'isa tonga teny anivon'ny Ovec raha ny nambaran'ny teo anivon'ny Ceni, miisa 519 izy ireo manerana ny Nosy. Ny natolotry ny antoko politika kosa dia miisa 329 izy ireo. Ny kandidà nirotsaka hofidiana hatreto manerana an'i Madagasikara dia 848. Hatramin'ny anio dia mbola afaka mameno izay antontan-taratsy tsy ampy ireo kandida satria aorian'izay dia hamoaka ny maha-kandida, na fandavana ny maha-kandida azy ny eo anivon'ny Ceni, raha ny nambaran'ny mpampakateny, Fano Rakotondrazaka. Ny 19 martsa ho avy izao kosa no ho fantatra ny lisitra ofisialy raha ny 27 mey 2019 ho avy izao no hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka eto amintsika.

***Rajo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana depiote : mahaiza manavaka ny vary sy ny tsiparifary

Niandry fotoana farany toy ny fanaon'ny gasy ireo kandidà ho solombavambahoana vao nibosesika nanatitra ny antontan-taratasy firotsahana ho mpifaninana. Heverina fa ny tena olana ho azy ireo ny nahitàna ilay anto-bola dimy tapitrisa ariary, satria raha miohatra amin'ny kandidà nirotsaka tamin'ny fifidianana depiote farany izay niisa roanjato sy arivo mahery tany ho any dia valonjato mahery eo amin'ity ka telonjato mahery eo ho eo no natolotry ny antoko. Ny nanaitra kely dia vitsy ihany koa ny kandidà natolotry ny antoko politika raha oharina amin'ireo tsy miankina. Ampy ho an'ny antoko politika iray rehefa mahafeno ireo distrika 119 kanefa mety ho paikady koa anefa raha toa ka manohana kandidà tsy miankina izy satria mety tsy ho tian'ny mponina ao amin'ilay distrika ny kandidà atolony fa aleony manao planina « B » ihany. Etsy ankilany koa dia misy kandidà tsy miankina izay azo antoka fa tsy manana io anto-bola io kanefa dia nirotsaka, ka heverina fa misy fikambanana na antoko politika mihitsy manosika azy satria mety ho lany noho ny fitiavan'ny vahoaka any an-toerana azy. Azo antoka anefa fa tsy maintsy misy takalony izany raha toa ka lany soa aman-tsara ilay kandidà. Samy mihazakazaka hanana ny maro an'isa eny amin'ny Antenimieram-pirenena ireo antoko lehibe ireo, ka efa niara-nahalala fa andrim-panjakana anisan'ny nanjakan'ny kolikoly ny tao. Raha maro an'isa tokoa ny tsy miankina dia mora foana ny misarika azy ireny hananga- tànana hanamaro isa ny vondrona mikendry zavatra iray. Na dia eo tokoa aza ny voarakitra ao amin'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika IV fa tsy mahazo mivadika amin'ny antoko nahalany azy ny depiote (mandat impératif) dia niaraha-nahalala fa ny Mapar aza nivaky telo tamin'izany fotoana kanefa tsy nisy sazy nampiharina tamin'ireo nivadika. Niaraha-nahalala ihany koa fa tsy nanana depiote, na iray aza ny Hvm kanefa rehefa avy eo dia nanana vondrona parlemantera maro an'isa. Araka izany dia azo lazaina fa loza mananontanona ho an'ny Firenena sy ny Malagasy indray raha maro an'isa ao amin'ny Parlemanta ny depiote tsy miankina satria tsy voafehina antoko izy ireo fa afaka mitsambikina atsy sy aroa araka izay tombontsoa azo andraviravizana azy. Amin'ny ankapobeny anefa dia manana fironana amin'ireny kandidà tsy miankina ireny ny mpifidy eto Madagasikara noho ny tsy fahafantarana fa mpanao lalàna sy mpanara-maso ny fanatanterahana ny asan'ny governemanta ity andrim-panjakana ity ka tsy afaka manatanteraka izay fanomezan-toky ataony izy. Tokony ho fantatra ihany koa fa ny antony niadian'ny depiote ny fitantanana ny vola hanatanterahana ny asa fampandrosoana ho an'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana (Fonds local de développement) satria afaka manindry izay ben'ny tanàna, na lehiben'ny distrika izy, fa izay tetikasa nampanantenainy ny mpifidy azy no tsy maintsy tanterahina. Mety mbola hiverina izany tetika maloto izany, ka izay no anton'ny fanahiana raha ho maro an'isa ny depiote tsy miankina ao amin'ity andrim-panjakana mpanao lalàna ity. Azo antoka fa misy ny depiote manaja ny fifampifehezana sy ny toromarika nifanarahana eo anivon'ny antoko nanolotra azy ka tsy hivadika amin'izany. Izay indrindra no antony tsy maintsy hahafantarana tsara izay kandidà homena ny vato satria misy ny manao rebik'ondry fotsiny noho ny tsy fahaizana manavaka ny vary sy ny tsiparifary kanefa hitondra ny Malagasy any amin'ny haizina mikitroka tsy hifankahitana indray izany.

***Andry Tsiavalona***

Pr Harimalala Joseph

## Tsy hijerena fahaizana ny depiote fa toa ny manambola no handrafitra ny lalàna

Mahagaga ny maro ankehitriny ny fahalainan'ny maro amin'ny filatsahana ho kandida ho solombavambahoaka. Tsikaritra mantsy fa malaina dia malaina ny rehetra satria raha ny taona 2013 dia nahitana hatramin'ny 30 ny kandida tamina Distrika sasany, saingy ny hita ankehitriny dia misy aza Distrika tsy manana kandida hatramin'izao. Ny talata 12 martsa teo no nifaran'izany fametrahana ny kandidatiora izany, ka ho hita eo ny tohiny raha toa ka hihemotra ny fanjakana na tsia. Fa ny hita aloha sy ny tombana dia ny mpanambola no handrafitra ny lalàna hisy eto Madagasikara satria tsy hijerena fahaizana sy fahalalana izany fa dia izay mahaloa ilay 5 tapitrisa Ar izany no afaka misolotena ny vahoaka. Koa ho an'i Pr Harimalala Joseph, izay mpandinika ny raharaham-pirenena dia samy miandry izay havoakan'ny CENI ny rehetra. Ny fanontaniana mipetraka hoy izy dia ny hoe: "Mivonona amin'izay ho fampandrosoana an'i Madagasikara izany ve ireo mpanam-bola nilatsaka ho kandida ireo?", "tena ny hetahetam-bahoaka tokoa ve no mahamaika azy ireo sa hanotona volabe aloha mba hahafahana miady malety eny Tsimbazaza indray?". Niaraha-nahita mantsy fa vao avy nahavita ny fifidianana ho filoham-pirenena isika teo; saingy iaraha-mahita fa mihisatra ny fampandrosoana nolazaina fa "mbola tsy eo amin'ny fitondrana akory isika tonga dia miasa". Ny mampanahy mantsy dia ahiana ho toy ny nambaran'Itompokolahy Monja Jaona io, ka ho toy ny bokotr'akanjo ka izay hataon'ny eny ambony no harahin'ny ety ambany. Tsikaritra fa saika ireo akamakama sy mpanakanto nifanohana taminy tamin'ny fifidianana avokoa ireo kandidàn'ny mpitondra ankehitriny, kanefa ny asa miandry azy dia ny handrafitra ny lalàna hitondrana ny firenena. Fahaizana tahaka ny inona araka izany no tokony mba takiana amin'ireny kandida ireny? Sa rehefa DJ ny filoha dia mpanakanto ny eny amin'ny Antenimieram-pirenena? Izao mantsy no nambaran'i Jesosy Kristy araka izay voasoratra ao amin'ny Lioka 21: 23-24: "Fa lozan'ny bevohoka sy ny mitaiza kely amin'izany andro izany! Satria hisy fahoriana lehibe eo amin'ny tany ary fahatezerana amin'ity firenena ity. Dia ho ringana amin'ny lelan-tsabatra izy ka ho entina ho babon'ny firenena rehetra ary Jerosalema hohitsahin'ny Jentilisa mandra-pahatanteraky ny andron'ny Jentilisa". Etsy andaniny, hita miharihary ankehitriny ny fireharehana sy fieboeboana ataon'ireo mpiara-dia amin'ny fitondrana ankehitriny! Sa izany ilay fitiavana no lehibe indrindra? Raha araka ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny I Korotianina 13:4 anefa dia milaza fa: "Ny fitiavana mahari-po, sady mora fanahy, ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo"! koa aoka mba handinika ireo mpomba ny filoha ankehitriny ireo, indrindra amin'izao fiatrehana ny fifidianana ifotony izao satria mahatezitra an'Andriamanitra ny fireharehana voalaza etsy ambony ireo, izay voamarina ao amin'ny voasoratra ao amin'ny Ohabolana 18:12 manao hoe: "Ny fireharehan'ny fon'ny olona mialoha ny fahasimbana, fa ny fanatrentena kosa mialoha ny voninahitra". Koa aoka ianareo nilatsaka ho kandida ho solombavambahoaka ireo mba hanana fanetrentena tokoa satria hoy ny ambaran'ny soratra masina ao amin'ny Salamo 75:2-10 manao hoe: "Fa ho avy tokoa amin'ny fotoana Aho; eny Izaho no hitsara marina. Mihorohoro ny tany sy ny mponina eo aminy, nefa Izaho no nanorina ny andriny. Hoy Izaho tamin'ny mpirehareha; aza mirehareha, ary tamin' ny ratsy fanahy; aza manandra-tandroka; aza manandratra ny tandrokareo ho avo; ary aza miteny sahisahy fahamafin-katoka. Fa tsy avy any atsinanana na avy any andrefana na avy any atsimo ny fisandratana. Fa Andriamanitra no mpitsara; mampietry ny anankiray izy ary manandratra ny anankiray kosa. Fa misy kapoaka eo an-tanan'i Jehovah, feno divay mandroatra miharo zavatra iny, ka ampisotroany; eny ny ratsy fanahy rehetra amin'ny tany dia hitroka ny faikany. Fa izaho hanambara izany mandrakizay ka hankalaza an'Andriamanitry i Jakoba. Ary ny tandroky ny ratsy fanahy rehetra hotapahiko, fa ny tandroky ny marina kosa no hasandratra", izay toa mitohy amin'ny tenin'Andriamanitra ambaran'i Lioka 21: 29-31 izany manao hoe: "Ary izy nanao fanoharana taminy nanao hoe: jereo ny aviavy sy ny hazo rehetra. Raha hitanareo fa vao manaroka ireo dia fantatrareo ihany fa efa akaiky ny lohataona. Dia tahaka izany koa hianareo, raha vao hitanareo izany fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra"!

***Solohery***

Delege Jacques Arinosy Razafimbelo

## Hirotsaka depiote ao amin'ny Boriboritany voalohany

Isan'ny kandida hifaninana ho depiote ao amin'ny Boriboritany voalohany ny depiote sady efa delegen'ny boriborintany voalohany teo aloha, Jacques Arinosy Razafimbelo. Efa depiote ity kandidà ity, ary efa delege indroa tao amin'ity boriboritany ity. Tafapetraka teny anivon'ny OVEC Tana voalohany ny 12 martsa 2019 ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany ho solombavambahoaka tao amin'ny Boriboritany voalohany. Marihina fa lisitra mahaleotena no isalorany amin'izany sy ireo mpiray lisitra miaraka aminy izay ahitàna an'i Mbola Namana mpikabary, sy Philippe Rakotomamonjy na Prezidà Rafilipo.

***Ny Valosoa***



Ninie Donia

## Kandidan'ny TIM any Nosy-Be

Vehivavy mpanakanto, nafana fo tamin'ny tolona nisy teto amin'ny firenena no kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any Nosy-BeHell-Ville. Tsy iza izany fa i Bezara Eliane Virginie na i Ninie Donia. Isan'ny nanosika azy ho resy lahatra hitondra ny tenin'ny vahoaka ao amin'ny tany niaviany dia ny fahitàny fa mila olona sahy hijoro amin'ny fahamarinana ny firenena ankehitriny, indrindra ao amin'ny lapan'ny Antenimeram-pirenena. Nanjaka loatra mantsy ny kolikoly araka ny nambarany tao amin'io lapa manantantara io ; ka izay no isan'ny naha lohalaharana azy nanampy ny depiote 73 nitaky ny tsy hisian'ny kolikoly eto amin'ny firenena. Teo koa ny nitakiany ny famoahana ny tena fahamarinana tamin'ny fifidianana filohampirenena, izay nahazoany fiantsoana teny amin'ny tobin'ny zandary. Fa tsy ataoko ambaninjavatra hoy Ninia Donia ny fijereko ny fahoriana mahazo ny mpiray tanindrazana amiko, fa tena hijoro ho mpiaro azy ireo aho.

***Helisoa***

TONONKALO

### HO AVY INDRAY NY FIFIDIANANA

Indreny fa tazana mbola hirotsaka
Ireo efa fangoloka sy kapotsaka
`Zay efa naloan`ireo vahoaka,
Kanefa tsy mety fa mbola mihoaka.

Dia mody miseho mba malala-tanana,
Sy tena mba hoe mahafoy fananana.
Kanefa ireo vola izay nozinara
Dia azony tamin`ny makarakara.

Raha vao misy hetsika tao ho ato,
Dia indro miseho ry "mpitari-bato"
Izay efa malaza ho vilam-bava
Sy tena sokajin`ireo mpandrava.

Satria ny hiseho no hany mahamaika,
Dia hainy ny tetika sy ny paika:
Ny vola no afafiny hividianana
Ireo malahelo sy ireo tsy manana.

Koa aza mba mino na manantena
Fa hoe mbola hivoatra ny firenena,
Raha toa ny tranainy efa ratsy laza
No mbola hameno an`i Tsimbazaza.

***SEDERA RAVALISON (12-03-19)***

TGV/MAPAR/IRD sy ny TIM/Tsy Miankina

## Hifampitana amin'ny fifidianana depiote

Hifampitana indray ny mpomba ny Filoha Andry Rajoelina sy ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana depiote ny 27 mey ho avy izao. Raha araka ny hita tamin'ny OVEC manerana ny Nosy, ho an'ireo kandidà depiote nandrotsaka ny dosie firotsahan-kofidiany dia saika nahafeno ireo distrika 119 eto Madagasikara ny mpomba ny filoha am-perinasa Andry Rajoelina, sy ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana. Ho an'ny mpomba an-dRajoelina, dia na ny TGV, na ny MAPAR, na ny IRD no nirotsahan'izy ireo amin'izao hazakazaka ho eny Tsimbazaza izao. Ho an'ny mpomba an'i Dada kosa, na amin'ny antoko TIM, na avy amin'ny Tsy Miankina no hirotsahan'izy ireo, hisolovava ny vahoaka eny amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena. Ohatra amin'izany, tsy misy TIM any Antsiranana, fa ny kandidà Tsy Miankina: Papa Soulé no miara-dia amin'ny filoha nasionalin'ny TIM, toy izany koa ny any Mahabo faritra Menabe, tsy misy kandidà TIM, fa amin'ny anaran'ny Mahaleotena no hirotsahan' ny mpomba an'i Dada,… Arak'izany, dingana faha -3 eo amin'ny fifanandrianana amin'ny filohan' ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina sy ny Filoha Marc ravalomanana indray io fifidianana amin'ny 27 mey ho avy izao io. Amin'ity indray mitoraka ity, mety ho sarotra ny hala-bato satria azo lazaina ho fifidianana eny ifotony ny fifidianana depiote, ka samy hanao andrimaso ho fiarovana ny vatony ny rehetra, fa tsy ho tratra ny hala-bato be vata indray toy ireny fifidianana filohampirenena farany teo ireny.



***Isambilo***

Antananarivo renivohitra

## Miakatra ny saran-dalan'ny mpitatitra

Ny vidin-tsolika miakatra, io no ambaran'ireo mpitatitra sendra ny mpanao gazety mahatonga azy ireo mampakatra ny saran-dàlana eto Antananarivo renivohitra. Efa nampakatra ny azy ny eny amin'iny lâlam-pirenena voalohany iny, milaza ny hampakatra ny azy koa ny zotra H mampitohy an'Andravoahangy sy Sabotsy Namehana amin'ny 18 martsa ho avy izao. Ny mampitohy an' Ambohitrimanjaka sy ny 67 Ha dia niakatra ihany koa ny saran-dàlana satria raha 500 ari-ary izany teo aloha dia lasa 700 ariary izany ankehitriny. Tsy misy intso-ny ny tapa-dàlana fa sa- ran-dàlana iray ihany . Nanditry ny fivoriana teo amin'ireo tompona kaoperativa mpitatitra sy ny Att ary ny kaominina dia kaoperativa telo no nanaiky hampakatra io sa-ran-dàlana io fa ny iray kosa dia nampakatra fa ho 600 ariary. Mangataka ny fanajana ny zon' ny mpandeha toy ny fijanonana amin'ny fiantsonana farany sy ny bokin' andraikitra ny mpanjifa satria mitaraina izy ireo noho ny hafitsoky ny mpitatitra sasany, izay mihodina an-dàlana sy manary amin'ny andro hariva. Tsy afaka manohitra ny mpanjifa, izay tian'ny mpitatitra atao no ataony, satria tsy manana fiara, ka tsy main-tsy ma-ndeha.



***Rajo***

Avy namonjy alim-pandihizana

## Maty tsy tra-drano voadonan'ny fiara ilay tovolahy

Tovolahy iray tokony ho 25 taona, avy namonjy alim-pandihizana tamin' ny faran'ny herinandro teo, teto Sambava, no maty tsy tra-drano voadonan'ny fiarakodia, raha iny handeha hamonjy fodiana tokony ho tamin'ny misasak'alina iny; somary dôzidôzy ihany ity tovolahy ity, ary noraofin'ny Taxi-brousse anankiray, ka maty teo no eo. Lasa nitsoaka ilay mpamily, ary tsy nisy nahita sy nahafantatra, Bajaj iray sendra nandalo minitra vitsy taty aoriana no nampandre ny mpitandro filaminana, ka naka ny razana, ary nanatitra izany tany amin'ny tranom-paty. Koa satria mponina eto an-tanàna Itompokolahy dia maro no mahafantatra ka nampandre haingana ny fianakaviana ny alin'io. Nentina teny amin'ny trano fonenany tao Soavinandriana-Sambava ny razana, ary roa andro taty aoriana dia tonga ilay tompon'ny fiara, ka nifampiraharaha tamin' ny tompo-manjo, ary dia nifanaraka fa iantohan' ny tompon'ny fiara avokoa ny mety ho lany rehetra tamin'ny fikarakarana ny razana, ary koa ny fiantohana ny vady aman-janak'Itompokolahy, satria izy dia namela zanaka 2 kely, sy manano-tena iray.



***Zaka Sambava***


## Sakafo Ny Valosoa



**Mbola laoka tsy misy hena** ihany no Sakafo amin' ny gazetinao androany. Vary mainty na vary amin' ny soja nampiarahina amin'ny ovy voahendy no sakafontsika androany. Ny ovy eto no atao solona laoka fa afaka soloina zavatra hafa toy ny voanjo na voamaina koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Torohevitra ho an'ny marary voa na rein sy ny fisorohana ny aretina




Torohevitra ho an'ny marary voa na rein indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny tokony hatao hisorohana ny rein na ny voa tsy ho samba.

1. Indroa isan-kerinandro raha be indrindra no mihinana hena ary tsy betsaka. Raha sanatria efa marary voa ianao dia ajanony ny hena sy ny sakafo be proteina.
2. Aza tia sira : tapaky ny sotrokely isan'andro farafahabetsany ny fatra azo atelina.
3. Misotroa rano ara-dalàna isan'andro : 1,5 ka hatramin'ny 2 l isan'andro.
4. Aza miaritory matetika: fenoy adin'ny 8 ora ny torimaso.
5. Manaova fanatanjahantena : na dia dian-tongotra 30 min isan'andro ihany aza.
6. Aza tia zavatra tsy voajanahary. Ireny produits industriels ireny manimba taova, atidoha, fo ary pancreas na sarakaty amin'ny ankapobeny.
7. Tandremo ny fanafody be antalgique fa manimba voa.
8. Ny tsy firaharahiana ny sery sy kohaka matetika isaky ny fiovan'ny toetr'andro dia hanimba ny voa koa.
9. Ialao ny sigara, kafe ary zava-pisotro misy alikaola.
10. Aza miandry poritra vao mandeha mi- pipi.
11. Misotroa jus de persil matetika koa. Mixer-na amin'ny rano dia vita, tsy mamiana. Mazotoa mihinana legioma maintso manta isan-karazany.
12. Ho an'ireo izay tratran'i insuffisance rénale mbola tsy avancé sady tsy mbola natao dialyse, dia Cimopar vidiana eny amin'ny pharmacie.

Raha fehezina dia aza mamato-tena amin'ny sakafo matsiro sy matavy isan'andro.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Antanambao Manampontsy any amin'ny faritra Atsinanana

Ny tanànan'Antanambao Manampontsy any amin'ny faritra Atsinanana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra Antanambao Manampontsy, renivohitry ny distrikan'Antanambao Manapontsy. Faritra be ala izy, saingy doran'ny olona anaovany tavy izany ala izany. Be akondro any ny fontsy dia akondro, nahatonga ny anarana Manana fontsy na Manampontsy. Faritra be orana sy mafana izy, misy orana foana man- davan-taona, ny salan'ny maripana any dia 23.2°C, ny rotsakorana dia 2569 mm isan-taona. Mbola azo lazaina ho faritra mitoka-monina koa ity tanàna ity satria ratsy ny lalana mankany, eo Vatomandry no mivily mankany Antanambao Manampontsy.



## NY TENY FIAINANA

*Ary Seta koa niteraka zazalahy; ary ny anarany nataony hoe Enosy. Tamin'izany no vao niantsoana ny anaran'i Jehovah.*

***Genesisy 4:26***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Firotsahan-kofidiana, olona maro no nanotrona ny depiote Rodin



**Arp Helisoa :** vahoaka marobe no nanotrona ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao Arivonimamo Rakotomanjato Rodin, tamin'ny fanaterana ny dossier filatsahan-kofidiana depiote tao amin'ny OVEC Arivonimamo ny talata maraina teo. Vonona handrombaka toerana 2 ny TIM.

**Randriamampianina Tahinjanahary :** mankasitraka e, za alou dia manaiky ity Zoky be Depute ity mihitsy e mahatoky azy aho, mirary azy hahazo toerana 2 ao Arivonimamo.

**Eliane Harisoa :** milay enao e, ary tena mavitazy mitsy ka... alefa e, seza 2 no tanjona.

**Mialy Randrianarivony :** tena tsara zany e! Tena mpitondra tenin'ny vahaoaka tokoa io depiote Rodin io, rehefa nivadika ny depiogte TIM any Miarinarivo dia izy no anisan'ny mpitondra tenin'ny vahoakan'I Soamahamanina tamin'ireny olon'ny vahoaka tamin'ny sinoa ireny.

**Tovohery Ratsimba :** mankasitraka dia mahereza e! Manantena toerana 2 ny TIM ao amin'io distrikan'Arivonimamo io.

**Raketaka Rahaingo Raketamanga :** alefa député Rodin ah!

**Walker Tj Rakotoson :** tsy misy maharesy an'io aloha raha ao Arivonimamo e!

**Ninà Rabetsialison :** tonga de lany yyyy! Ny azy tsy mila propagande tsony fa efa vitaaaaa! Arahabaina e!

**Andry Marodera :** inty ny namako akaiky fa tapak'evitra ; mirary soa anao e!

**Marie Bernadette Raharisoa :** OK lasa izao, depiote 2 no tanjona depiote Rodin a !

**Odette Lisinirina :** mirary soa ho azy e! azo antoka ny depute roa.

**Michel Jacques Rakotozafy :** AZA MATAHOTRA MINOA FOTSINY IHANY DIA NY TOMPO HOMBA ANAO AMEN !

**Herman Rasamizafimanantsoa :** mahereza e! Mety tsara. Vitanao io!!

**Fleurette Alisoa :** alefa depute Rodin, milay io na de tsy hitany aza zay alefa Rodin alefa Tim zay.

**Fandresena Finoana Fahendrena :** tsis propagande fa tonga dia lany raha io. TIM.K25 foana e !

**Xfianar Rh :** tsy mpanao lalàna ihany depiote Rodin, fa tena mpanao lalana sy sekoly, rano fisotro madio,... koa tao amin'ny distrikan'Arivonimamo.

Andolalaina Rakotoarinia : feno fifaliana atraty aminay e, mirarisoa bdb, mahazoa toerana 2 depiote nareo ao Arivonimamo e!

**Maminou Ramiaramanana :** samia manao zay tiany daholo eeeeee!!!

**Alain Rakotoarivelo :** mankasitraka e ! depiote tena akaiky ny vahoaka raha ny depute Rakotomanjato Rodin, tsy mpanao lalàna ihany fa tena mpanao lalana sy foto-drafitrasa koa tany amin'ny kaominina maro any amin'ny distrikan'Arivonimamo.

**Rado Rafalimanana Andriamanohisoa :** io ts mba hasiako adihevitra fa avy d lany io, iriana koa mba ho lany ny mpiray lisitra aminy laharana faha-2.

**Tim Imerintsiatosika :** mankasitraka e , aza matahotra fa minoa fotsiny ihany, izay TIM Imerintsiatosika dia ho avy maro amin'ny 27 mey hanohana sy hifidy azy.

**Mamy Hariniaina Zafindratiana :** mankasitraka E. Lany 100% io, toerana 2 ny azy e!

**Jaotianasoa Andrianoro :** TONGA DIA LANY, TSISY RESAKA, FIEFN'IO ! ary ny iriana dia ho seza roa mihitsy ny TIM any Arivonimamo any.

**Mamy Ravelojaona :** tena nahavita be dia be taty aminay taty tokoa depute Rodin io: sekoly, lalana, rano, sosialin'ny mponina,...

**Clarisse Rabefarihy :** sur fa mety hahazo roa ny TIM any Arivonimamo, tena tian'ny mponina raha ity depiote Rodin ity, tena mitakosina amin'ny vahoaka mihitsy izy.

**Ginot Rasamison :** voatetin'ity Depiote Rodin ity avokoa hatramin'ny fokontany rehetra any amin'ny distrikan'Arivonimamo. Heverina fa hahazo toerana 2 izy amin'izao, matoky izany isika.

**Setra Rakotomalalanirina :** io no deputé nahavory vatan-dehilahy an'arivony nanao lalana tamin'ny Commune maromaro tany Arivonimamo.

**Claudio Rasitrakiniaina:** mirary azy ireo hahazo depute 2 ao amin'ity distrika ity, dia ho toy izay koa amin'ny faritra maro, mba hahazoantsika amin' izay ny toeran'ny mpanohitra ao amin' ny Assemblée Nationale.

**Karen Violette:** manantena ny parti TIM hahazo majorité amin'ny Assemblée Nationale, dia ho azo ny Président ny opposition. Na izany aza, hampanjakao hatrany ny solidarité.

### Fitaterana

# Nitokona ny mpitatitra mpitondra kamiao

Nanao fitokonana teny Ambohimangakely Antananarivo Avadradrano omaly ireo mpitatitra mpitondra fiara vaventy na kamiao. Maro ireo mpitatitra ireo no namaly ny antso tamin'izany grevy izany. Ny anton'izao fitokonana izao dia noho ny resaka mifamahofaho mahakasika ny ora azon'ny fiara vaventy ivezivezena eto Antananarivo sy ny manodidina, indrindra ho an'ireo mitondra ny vokatra avy amin'ny ala, toy ny hazo izany. Araka ny voalazan'ny ministeran'ny tontolo iainana dia amin'ny 6 ora hariva vao mahazo mivezivezy ny kamiao. Raha ny voalazan'ny ministeran'ny fitaterana indray anefa dia amin'ny 8 ora sy sasany alina, ka hatramin'ny 5 ora sy sasany maraina no mahazo mandeha ny fiara vaventy mpitatitra. Eo no tian'ireo mpitatitra hazava, sy ny hisian'ny fifandrindrana eo amin' ireo ministera roa anisan'ny mpiahy ny mpitatitra mpitondra kamiao. Ny hisian'ny ora mitovy havoakan'ireo ministera tompon'andraikitra ireo, satria very fanahy mbola velona izy ireo amin'izay tsy fifandrindran'asan'ny samy ministera izay.

***Isambilo***



*Ny fitokonan'ireo mpitatitra mpitondra kamiao teny Ambohimangakely.*

### Fitantanana foto-drafitrasa

# Nampiakatra ny vidin-drano ny TVA: 20%

Ny alatsinainy teo dia nanatanteraka fivoriam-be ny teo anivon'ny Boriboritany faha4, Kaomini- na Antananarivo Renivohitra (CUA), izay natao tao amin'ny Espace Mon Goûter Andrefan'Ambohijanahary, niarahana tamin' ireo mpitantana ny rano sy fotodrafitr'asa eo anivon'ny boriboritany. Miisa 32 ny fokontany mandrafitra ny Bori- boritany izay ahitana fotodrafitr'asa 240 mahery, toy ny fatsakana sy ny fanasan-damba, izay tan- tanin'ny fikambanana miisa eo amin'ny 184 eo . Ny anton'ny fivoriana dia ny fandraisan' ny Boriboritany mivantana ireo fitarainana iraisana izay mianjady amin'izy ireo, toy ny fisian'ny hetra aloa, na TVA 20%, izay marihana fa tsy nisy teo aloha, ka nitarika ny fiakaran'ny ny vidin-drano ankehitriny. Naroso tamin' izany ihany koa ny fomba fiasa vaovao izay napetraky ny Boriboritany dia ny fanatsarana ny fomba fiasa eny anivon'ireny foto-drafitrasa tsirairay ireny, ny fifampitondrana ara-tsosialy amin'ny mpikambana sy ny maro hafa koa. Marihana hatrany fa ny sampan-draharaha misahana ny fiahiana ny fokontany eo anivon'ny Boriboritany no nitarika ny fivoriana ary nanentana izy ireo ny hanajana sy hikojana lalandava ireny fotodrafitr'asa napetraky ny tanàna ireny, ho mariky ny fandrosoana hatrany .

***Aly***



*Ny fivoriambe momba ny fitantanana foto-drafitasa tao amin'ny Boriboritany faha-4.*

### Akon'ny 8 martsa

# Vehivavy an'aliny no niara-nihetsika tao Antsirabe

Ny fahombiazan'ny serasera rehetra natao no niteraka ny fahalavorarian' ny hetsika fanamarihana ny andro manerantany ho an'ny vehivavy, 8 martsa, teto anivon'ny Faritra Vakinankaratra, izay natao teto Antsirabe. Teo ihany koa ny fiaraha-mientan'ny vehivavy sy ireo "sakaizan'ny vehivavy" ka nanao tsipaipaika nahafahana nampahomby ny hetsika rehetra. Azo hambara fa ny herin'ireo vehivavy rehetra nanomana sy nanotrona no niteraka ny "fahombiazan'ny fankalazana ny andro manerantany ho an'ny vehi- vavy". Roa andro no nanamarihan'ny Vehivavy teo Antsirabe, Vakinankaratra ny andron'ny vehivavy. Nisy ny tranoheva noentina nampirantiana ireo asa tanan'ny vehivavy, teo ihany koa ny nahafahana nikolo ny tarehy amam-bika. Nisy ny lohabary an-dasy ni-ompana tamin'ny zatovovavy mitondra vohoka ampitovoana. Ny andron' ny 8 martsa dia tamin'ny 6 ora maraina dia nanomboka tamin'ny fanaovana ny "foulées des dames" nitohy tamin' ny zumba niarahana. Nitohy tamin'ny fanaterana ireo kojakoja nangonina tamin'ireo vehivavy ho an'ireo vehivavy voafonja sy ireo manana kilema eny amin'ny CRMM. Diaben'ny firaisankina niainga teo amin'ny biraom-paritry ny mponina nihazo ny tranompokonolona no nanaraka iza-ny, ka nahatratra an- kilometatra ny filaharana, samy naneho ny mampiavaka azy ny isampikambanana teto. Teo anoloan'ny tranompokonolona na fantatra amin' ny hoe Lapan'ny kolontsaina no nanatanterahana ny lanonana Ofisialy notarihan-dramatoa Prefet, Andriatomponera Voahangy Harimino, ny tolakandro dia nisy ny filatroana nataon'ireo vehivavy. Ny isam-pikambanana na rafi-panjaka-na dia samy nanolotra mpilatro 3, ka ny iray nisalotra ny fitafiana mianjaika, ny faharoa manao ny fiakanjo an-tanàn-dehibe ary ny iray farany kosa nanao ny akanjo gasigasy, ka misafidy foko Malagasy iray. Ny avy ao amin'ny fikambanan'ny vehivavy mpandraharahan'ny fonja no nahazo ny fitafy antanàn-dehibe, avy ao amin' nyTahirim-bolam-panja-kana tamin'ny alalan'ny foko Betsileo, no nahazo ny gasigasy ary ny avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra no nahazo ny fitafy mianjaika. Ny Hetsika rehetra dia natrehin'ny Prefet an'Antsira- be , ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana sy ny mpiara-miasa ami-ny sy ny komitim-panomanana ny 8 ma- rtsa. Nikatona teo ny varavaran'ny 8 martsa tamin'ity taona 2019 ity, ny fampiharana ny "zo sy anjara andraikitry ny vehivavy amin'ny fampandroso-ana kosa dia efa iainan'ny vehivavy amin'ny andavanandrom-piainany.

***Lezama***

BORIBORITANY FAHA EFATRA (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe teny Anosibe Andrefana II

Mitohy hatrany ny fanadiovana faobe izay ataon' ny eo anivon'ny Boriboritany faha4. Raha ny omaly dia ny teny Anosibe Andrefana II no nanaovana ny hetsika . Fokontany enina sy fikambanana RF2 miisa 3 no niara- isalahy tamin' izany, izay nahitana ny RF2 Ivolaniray , Mandrangobato ary Anosibe II . Niompana tanteraka tamin'ny fanalana ireo fako izay eny amin'ny faritra maro ny fanadiovana, teo koa ny fisokirana ireo fako amin'ireo lakandrano izay manentsina ny fikorianan'ny rano. Voafidy manokana io Fokontany io nohon' ny habetsahan'ny loto izay mila esorina haingana, satria mety hitondra valan'aretina hafa indray. Nisy ihany koa ny fanentanana maro samy hafa izay natolotra ho an'ireo mponina manodidina, ny mba hanajana ny fahadiovana, ka hananana tanàna madio ho lavitry ny aretina. Mipaka eny amin'ny Fokontany maro izany asa fanadiovana izany fa tsy hijanona hatreo ihany .



*Ny fanadiovana faobe teny Anosibe Andrefana II.*

**Helisoa**

Fizarana Karatany

## Natomboka tao amin'ny kaominina Antohobe, kaominina 75 hafa no mpisitraka

Manerana an'i Madagasikara no anaovana ny hetsika fizarana ny karatany mba hisitrahan'ny vahoaka izany. Karatany manodidina ny 65 000 no hozaraina hatramin' ny volana jona 2019 ao anatin'ny Faritra miisa 05 dia Vakinankaratra, Analanjirofo, Itasy, Analamanga, Atsiranana, izay iasany, ka ahitana kaominina 56. Fiaraha-miasa matotra miaraka amin'ny Tetikasa CASEF sy ny GEOSYSTEMS na GEOX2, eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny toeram-ponenana ary ny asa vavety ny fanatontosana izao hetsika karatany izao. Ho an'ny faritra Vakinkaratra manokana dia miisa 50 ireo karatany nozaraiana tao kaominina Ambanivohitra Antohobe Distrikan'i Betafo, raha toa ka karatany miisa 1 alina no tanjon'ny tetikasa CASEF sy ny GEOX2 ao anatin'ny 3 taona iasany ho an'ity kaominina ity. Araka izany dia ny kaominina Antohobe, Distrikan'i Betafo no nandray ny hetsika tamin'ny fomba ofisialy fanamarihana ny fanombohana ny fizarana ny karatany faobe andiany faharoa, satria ny 70% ny fizarana ny karatany miisa 117 000 navoaka tamin'ny andiany voalohany dia tato amin'ny faritra Vakinankaratra. Nifanindran-dalana tamin'ny hetsika 08 martsa, fankalazana ny andron'ny vehivavy izao fizarana karatany izao satria ny tanjon'ny tetikasa CASEF dia ny hampitombo ny vehivavy hisitraka ny fananana ny karatany. Tonga nanome voninahitra izany lanonana izany ny solontenan'ny ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny toeram-ponenana ary ny asa vaventy , ny avy ao amin'ny faritra Vakinankaratra, ny tale miadidy ny fampandrosoana, sy ny mpiara-miasa aminy , nahitana ny tompon'nandraikitra avy ao amin'ny GEOX2 sy ny Ben'ny tanàna any an-toerana , ny Lehiben'ny Distrikan'i Betafo ary ireo olona notolorana ny karatany, ny andron'ny 08 martsa lasa teo, tao amin'ny kaominina Antohobe. Ho fanatrarana ny tanjona sy famporisihana ireo tantsaha eny ifotony dia mpitao raharaha manana traikefa manokana amin'ny famoahana ny kara-tany dia ny GEFIT EXPERT sy ny GEOSYSTEMS na GEOX2 no manampy ara-teknika miaraka amin'ny CASEF, izany hoe ny antom-pisian'ity GEOX2 ity dia ny fanentanana sy fanamorana ny tosika ho an'ireo tantsaha mpamokatra eny amin'ny tontolo ambanivohitra ho fananana ny karatany. Noho ity hetsika manakaiky ny mponina ataon'ny GEOX2 ity dia porofo iray mivaingana azo tsapain-tanana ny fananana ity karatany ity satria an'ny tompony tanteraka ny tany sy hamongorana tanteraka ny ady tany. Teo aloha dia manodidina ny 30000Ar ny karatany iray, fa amin' izao kosa manodidina ny 3 000 Ar izany. Kaominina 76 araka izany no hisitraka ny tolotr'asa ataon'ity mpitao raharaha ity, ato anatin'ny faritra Vakinankaratra, zava-dehibe izany ary manosika ny asa fampandrosoana hoy ny tale miadidy ny fampandrosoana eto amin'ny Faritra. Tsara ny manamarika fa tsy ny tany irery no voakasiky ny hetsika fa ny trano ihany koa ary mbola hitohy hatrany ny hetsika raha ho vinavinaina any amin'ny taona 2022 any no hifarana ny tetikasa ataon'ny CASEF. Tsy hijanona eo fa mbola hitohy any amin'ny kaominina hafa izao asa ataon'ny mpitao raharaha GeoX2 izao .

**Solohery**

## SARIITATRA: *Any Ambatobe haterina ny filatsahana fahazoana trano mora*





Rotary club

## Nanatanteraka hetsika ara-tsosialy maimaimpoana tany Antsirabe

Nanatanteraka fitsidihana teto anivon'ny faritra Vakinankaratra ny herinandro lasa teo ny gouverneur du District 9220, Shelly OUKABAY, Rotary International. Fikambanana iray isan'ny manana ny lazany erantany ny fikambanan'ny "Rotary club " ary manana ny rantsa-mangaikan'izany eto Antsirabe. Ao anatin'ny hetsika izay karakarainy eto amin'ny tanànan'Antsirabe mandritra ny fotoana maro dia nanatanteraka fitokanana ny tsangambato iray tetsy amin'ny "rond point" Vatofotsy izy ireo ny andron'ny alakamisy lasa teo. Tonga namome voninahitra izany teny an-toerana Ramatoa Prefet an'Antsirabe sy ny Lehiben'ny faritra mpisolo toerana. Isan'ny fikambanana manome lanja ny aratsosialy ity fikambanana ity satria misy ny hetsika ara-pahasalamana ataon'izy ireo mandritra ny herinandro ao amin'ny Hopitalibe an'Antsirabe ny 27 martsa hatramin'ny 07 aprily, ary maimaimpoana tanteraka izany tolotra izany. Mbola betsaka ny hetsika hataon'izy ireo manerana ny Nosy ary tsy diso anjara amin'izany Antsirabe.

**Lezama**

Synodam-paritany Antananarivo andrefana

## Hanao « récyclage »amin'ity taona ity ny mpiandry

Ao anatin'ny fanomanana tanteraka ny fiatrehana ny « récyclage » amin'ity taona ity, ireo mpiandry ao anatin'ny synodam-paritany Antananarivo Andrefana. Mbola maro anefa ireo foto-drafitrasa tsy mbola tontosa ao amin'ny Toby Masina Getsemane Antambohomena, toy ny trano fandraisana marary, ny gradin ary indrindra ny làlana miainga eo Ampanotokana mihazo ny toby. Efa mandeha ny fanentanana amin'izany fanamboarana sy fanitana foto-drafitrasa izany satria tsy maintsy vita alohan'ny fihaonana ny asa rehetra raha ny nambaran'ny tompon'andraikitry ny foto-drafitrasa eo anivon'ity toby ity, ny mpitandrina Rafanomezantsoa Maurice De Dieu.

**Rajo**

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy ary ny ao amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena izao manaraka izao : MANDOA VOLA SA TSIA NY MPIADINA CEPE SY BEPC ?

Izahay ray amandreny ve no tsy mahazo resaka sa ny tale CEG na sefo ZAP sasany eto Atsimondrano no manodinkodina resaka ? Ny minisitra dia efa nilaza mazava fa tsy andoavambola ny fiatrehan`ny mpiadina ny CEPE sy BEPC . Akory anefa ny hagaganay fa asaina mandoa 1500 ariary ihany ny zanakay hanala CEPE ary 2000 ariary ho an`ny hanala BEPC . Raha anontaniana ireo tompon` andraikitra dia milaza fa tsy misy vola
ka tsy maintsy mitaky izy ireo ho fampandehanan-draharaha. Anjaran`ny ray amandreny sy ny mpiadina ve izany ny miantsoroka ny fampandehanan-draharaha amin`ny minisiteran`ny fampianarana ? Inona no tena marina fa mila valiny mazava sy hentitra avy aminareo any ambony izahay satria raha mba miteny sy mangataka fanazavana dia fandrahonana sy teny mahery no mba azonay avy amin`ireo talen`ny sekolim-panjakana ianaran`ny zanakay.

**Randrianoely**

***Ray aman-drenin'ny mpianatra Atsimondrano***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**09/03/19 hatramin'ny 1603/19**

- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 886-03-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FANJIFANA

# Miakatra ny vidim-bary eny an-tsena

Miakatra ny vidim-bary eny an-tsena amin'izao fotoana, na miakatra aza ankehitriny ny vary aloha. Raha ny hita eny an-tsena amin'ireo tsena eto an-drenivohitra, nisonga eo amin'ny Ariary 100 ka hatramin'ny 200 Ar eo ny kapoakam-bary sy ny kilaon'ny vary. Araka ny fanazavana omen' ireo mpivarotra dia hatrany am-potony, any amin'ireo faritra mpamoka-bary mihitsy no manonga izay vidim-bary izay, ny antony dia noho ny faharatsian'ny lalana any amin'ireny faritra ireny, ka tsy tafavoaka ny vary vokatra. Na izany aza, mety tsy haharitra izay fiakaran'ny vidim-bary ankehitriny izay, satria efa ho avy ato ho ato ny fotoanan'ny fararano, hiakaran'ny vary vakiambiaty.



*Vary gasy sy vary makalioka, eny an-tsena amin'izao fotoana.*

***Aly***

Orinasa Chocolaterie Robert

# Nahazo amboara eran-tany amin'ny kalitaon'ny chocolat

Nitondra avo ny lazan'i Madagasikara sy ny orinasa Malagasy ny orinasa mpanao chocolat eto amintsika, ny orinasa Chocolaterie Robert. Nahazo amboara nandritra ny Award mondial : meilleur du chocolat et de la firme, ny orinasa Malagasy Chocolaterie Robert, noho ny hatsaran'ny chocolat vokariny avy amin'ny kakao ao Sambirano, amin'ny distrikan'Ambanja, faritra Diana iny. Ny vokatra vokarin'ity orinasa ity dia azo lazaina ho 100% vita avy amin'ny kakao eto amintsika. Orinasa Malagasy efa niorina an-taonany maro ity orinasa ity, ary raha vao miresaka chocolat izany hatramin' izay eto Madagasikara dia ny orinasa Chocolaterie Robert sy ny chocolat vokariny no ao an-tsaina avy hatrany.

***Aly***





*Vokatra chocolat, anisan'ny vokarin'ny orinasa Chocolaterie Robert.*

AROTEL Antsirabe

# Amin'ny endrika vaovao, mamiratra ny kintana telo


Fanavaozana sy fanitarana goavana no notanterahana tao anatin'ny 3 taona izay nikatonan'ny trano fandraisam-bahiny AROTEL eto anivon'ny tanàna an'Antsirabe. Ankehitriny dia efa azon'ny rehetra tsidihina sy jifaina ny tolotra rehetra misy ao amin'ity toerana fandraisam-bahiny ity. Notokanana tamin'ny fomba ofisialy ny sabotsy teo ireo foto-drafitrasa goavana sy fanitarana natao rehetra. Raha tsiahivina dia efa tamin'ny taona 1954 no niatombohan'ity trano fandraisam-bahiny ity raha toa ka mbola "TRUCHE" no anarany tamin'izany. Novidian'ny tranom-piantohana Aro izy ny taona 1995, nisy fanavaozana sy fanitarana voalohany, ka notokanana ny taona 1996 ary nomena ny anarana hoe AROTEL. Mba hahafahana manome fahafaham-po ireo mpanjifa ary koa ahafahana manaraka ny fenitra iraisampirenana dia nisy ny fanavaozana sy fanitarana faharoa natao, ka voatery nakatona izany ny taona 2016. Tao anatin' izay telo taona izay dia maro ny ezaka natao. Ankehitriny dia tafakatra 45 ireo efitrano fatoriana raha toa ka 20 izany teo aloha. Nohatsaraina sy nohavaozina ihany koa ireo trano fisakafoanana anankiroa, noalehibiazina ny efitrano malalaka ka afaka mandray vahiny hatramin'ny 300 izy ankehitriny. Eo amin'ny lafiny fanitarana dia nasiana "SPAS Jacuzzi " na "Centre de remise en forme" izay ahitana dobo filomanosana lehibe, trano fanaovana fanatajahantena, Hamam, sauna, salle de massage, ary Pédicure sy manicure. Nisy ezaka goavana sy herimpo ary vola nolaniana niarahana tamin'ireo mpiara-miombon'antoka indrindra fa ny fanjakana izay manana ny petra-bola be indrindra ao amin'ity orinasa ity. Isan'ny reharehan'Antsirabe sy ahafantarana azy ity Arotel ity noho izy efa amantaonany maro no nisiany. Ankehitriny dia mbola kintana telo ity toerana fandraisam-bahiny ity fa efa eo andalam-pikarakarana ireo tompon-andraikitra hampiakarana izany ho kintana efatra.

***Lezama***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 274**





**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0273)


***Mitsivalana***

- Andriana
- Lay
- Amalona
- Manoroka
- Vano (Miv) – Non(o)
- Isa
- Vohainay

***Mitsangana***

- Alamo
- Namanao
- Diana
- Lovia
- Or(a) – Sy
- Nanonja (Miv)
- Ako
- As – Anay

## TENY MIFANARAKA N° 274





**Mitsivalana**

**1.** Kilalaon-tsaina **2.** Vato fotsy – Mpanondro molotra **3.** Lamban-drazana **4.** Androany (Miv) **5.** Anaty rano - Orinasa malaza **6.** Fanontaniana – Loko (Miv) **7.** Tovona – Dera atao amin'ny tànana **8.** Karazana areti-maso **9.** Ila, iry – Malaza amin'ny fahavaratra (Miv) **10.** Mitempo (Miv) – Mitranga amin'ny tsirairay (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Ravo – Seranana malaza **B.** Hazo maro – Vano tsy misy lohany – Tsirin-teny Mpifanao **D.** Nandatsahan'aina **E.** Biby fiompy **F.** Zato im-polo **G.** Kila – Olona ambony ao amin'ny orinasa (Miv) **H.** Hita amin'ny trano avo **I.** Malakia (BL) – Hekitara (Miv) **J.** Faran-teny – Karazana mofo madinika **K.** Mampiray – Faritra – Tsofoka

## Valiny Teny mifanaraka 0273

**Mitsivalana**

1 *Mpanera* - Fo **2.** Io - *Matoa (Miv)* **3.** *Garaziko* **4.** Or(a) - Nanala **5.** Karany - Oly **6.** Ota - Dona (Miv) **7.** RN - Basy **8.** *Malaina* **9.** *Asa* - *Soa* **10.** *Voina* - Tsia (*Miv*)

**Mitsangana**

**A.** *Migoka* - *Mav(o)* **B.** *Poara* - *Maso* **D.** Ro - Lay **E.** Nianatra **F.** *Zanany* **G.** Rainy - Na **H.** *Aoka* - *Mba* **I.** Tolona - Sy **J.** Fa - *Sola (Miv)* - Os(y) **K.** Ome - Tadidy (*Miv*)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanaterana ny antontan-taratasy nataony antoko TIM boriborintany faha-3 tao amin'ny OVEC Tana-3.









Ny kandidan'ny antoko TIM ao Mahajanga.





Ny fandrotsahana ny kandidà depiote tany Toamasina.



